Monseigneur Benjamin Marc Ramaroson, c.m.
Archevêque d'Antsirananana
Adminstrateur Apostolique du diocèse d'Ambanja
Tél : (261) 32 11 539 39
BP 415
5 Boulevard Le Myre de Villers
201 ANTSIRANANA
Madagascar
beramaroson@gmail.com

« SAMBATRA NY EGLIZY IRAKA MANANA PRETRA MASINA FA EGLIZY IRAKA VELONA SY MASINA IZY »

HO ANTSIKA RAHALALY PRETRA SY ZANDRY DIAKRA ARY ZANDRY SEMINARISTA

*HOMBA ANTSIKA MANDRAKARIVA ANIE NY FAHASOAVAN'I J ESOA KRISTY, NY FITIAVAN'ANDRIAMANITRA RAY ARY NY FIOMBONANA AMIN'NY FANAHY MASINA…..*



Indro atolotra antsika miaraka amin'ity taratasy ireto hafatra avy amin'ny Papa ireto.

Tsara manentana ny kristianina isika hiara-mivavaka amintsika amin'izao Fetin'ny Fo Masin'i Jesoa izao. Tsy hanampy zavatra maro aho satria feno dia feno ireo hafatr'i Papa François ireo.

Tiako kosa anefa mizara ireto tenin'I Md Paoly ireto satria nanaitra ahy . Novakintsika tamin'ny herinandro lasa izy ireo.

Nanomboka nametraka rafitra ny Eglizy tamin'ny fotoana nanoratan'i Md Paoly ny hafatra ho an'i Timote. Betsaka ny sedra tamin'izay na avy any ivelany na avy ao anatiny…..

Rehefa mamaky ireto andininy vitsivitsy izay notsongaiko manokana ireto ianareo dia hevero ho toa izaho mihintsy no manoratra azy amintsika tsiraikiraiky amin'izao andro iombonantsika manao vavaka totoafo miaraka amin'ny kristianina mitalaho ny fahamasinana izao araka ny tenin'i Md Jean Marie Vianney Curé d' Ars manao hoe: **.«** ***Pretra, Mpiandry Ondry tsara, pretra araka ny Fo Masin'i Jesoa, io no irio fa tsy misy fanomezana sy harena sarobidy ankoatr'io atolotr'Andriamanitra ho an'ny paroasy anankiray, fanomezan'ny famindram-pony*** **….** « SAMBATRA NY EGLIZY IRAKA MANANA PRETRA MASINA FA EGLIZY IRAKA VELONA SY MASINA IZY »

2 Tim 1, 6-12 : … *Noho izany, mananatra anao aho mba hamelombelona indray ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra ao anatinao, izay noraisinao tamin'ny fametrahako tànana taminao. Fa tsy fanahy osa no nomen'Andriamanitra antsika, fa fanahy mahery sy be fitiavana ary mahonon-tena. Koa aoka ianao tsy ho menatra ny ho vavolombelon'nyTompontsika, sy noho ny amiko izay mpifatotra ho azy, fa hiara-mijaly amiko noho ny Evanjely, miankina amin'ny herin'Andriamanitra, izay namonjy antsika sy niantso antsika tamin'ny fiantsoana masina, tsy noho ny asantsika, fa araka ny fikasany sy ny fahasoavany izay nomeny antsika tao amin'ny Kristy–Jesoa, talohan'ny taona rehetra, sy naharihary ankehitriny, tamin'ny nisehoan'i-Jesoa Kristy Mpamonjy antsika, …..*

**2 Tim 2, 1, 3** : *… Koa ny aminao àry, anaka, dia aoka hihamahery amin'ny fahasoavana ao amin' i Kristy Jesoa ianao; ……Miareta ny anjara fijalianao amin'ny maha-miaramila tsaran'i Kristy Jesoa anao.*

**2 Tim 2 : 14-15** *:Ampahatsiarovy ny olona izany, ary anaro eo anatrehan'Andriamanitra izy mba tsy hiady teny foana, satria tsy mahasoa akory izany, fa mamohehatra ny mpihaino aza. Mikeleza aina mba hiseho amin'Andriamanitra ho olon-dehibe voazaha toetra, sy mpanompo tsy mahazo henatra, ary mizotra mahitsy amin'ny teny fahamarinana*

**2 Tim 3 : 14-17** *Ary ianao kosa dia mahareta amin'izay zavatra nianaranao sy azonao antoka, ….izay mampahendry anao ho amin'ny famonjena noho ny finoana an'i Kristy Jesoa. Satria ny Soratra rehetra avy amin'ny fanilovan'Andriamanitra dia mahasoa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fananarana, ho*

*fanabeazana amin'ny fahamarinana, mba hahalavorary ny olon'Andriamanitra sy hahavonona azy ho amin'ny asa soa rehetra.*

**2 Tim 4 : 1-5, *22*** *Izao no angatahina aminao, eo anatrehan'Andriamanitra sy Kristy Jesoa, izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny andro hahatongavany sy hanjakany: mitoria ny teny, ary mahareta amin'izany na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana: manitsia, mananara, mamporisiha, amim-pandeferana sy amim-pahaizana mandrakariva. Fa ho avy ny andro tsy hahazakan'ny olona ny fampianarana marina intsony; fa mpampianatra araka ny filàny no hovoriny ho azy sy hahalian-tsofina azy; dia hanentsin-tsofina amin'ny marina izy ireo, fa hanongilan-tsofina amin'ny angano foana. Fa ianao kosa, malìna amin'ny zavatra rehetra, miareta amin'ny fahoriana, ataovy ny asan'ny mpitory Evanjely, ary imasoy ny anjara raharahanao.*

**….** *Hitsodrano anareo anie Andriamanitra ary ho aminareo ny fahasoavany Amena*

Ho famaranana ny fampizarana dia ity misy vavaka iombonana amin'i Masina Maria Renin'ny Pretra nataon'i Mb Terezin'i Jesoa Zazakely. Tsara raha irahana manao amin'ny EOV Misionera

**VAVAKA IARAHANA AMIN'I MARIA RENIN'NY PRETRA**

Ry Maria virijiny, renin'i Kristy pretra ô,
Renin'ny pretra rehetra eran'izao tontolo izao ianao.
Tianao manokana ny pretra satria izy ireo
no endrika velona ny Zanakao lahitokana.
Nanampy an'i Jesoa nandritra ny fiainanao manontolo teto an- tany ianao
ary mbola manampy azy koa any an -danitra.
Mitalaho aminao izahay, mivavaha ho an'ny pretra
« Mangataha amin'i Ray any an-danitra mba haniraka mpiasa amin'ny sahany izy »
Mivavaha mba hanana pretra lalandava izahay hizara aminay ny Sakramenta,
hanazava aminay ny Vaovao mahafalin'i kristy sy hampianatra anay
ho tonga tena zanak'Andriamanitra marina.
Ry Maria virijiny ô, mangataha amin'Andriamanitra Ray pretra izay ilainay marina tokoa.
Ary satria ny fonao manan-danja eo anatrehany.
Koa ataovy izay mba hahazahoanay, Ry Maria,
Pretra feno fahamasinana.
AMEN

Manararaotra aho ho antsika eto amin'ny diosezin'Antsiranana manao fanitsihina tahaka izao
Mikasika ny andro aloha

ATAONTSIKA ISAKY NY TALATA ITY VAVAKA IARAHANA AMIN'I MASINA MARIA RENIN'NY PRETRA ITY fa ny fangatahana ho an'ny fiantsoan'Andriamanitra kosa amin'ny alakamisy.

Ny Vavaka ho an'ny fianakaviana kosa ataontsika isaky ny sabotsy sy alahady. Misy fanovana ohatr'izao araka ny fangatahan'ny maro satria efa nilaozan'ny toetr'andro ny resaka sinaoda fa ny vavaka tsy lany andro ka noho izany tsara ovana tahaka izao

*Ry Fianakaviana Masina, tao Nazareta ô,*

*enga anie* ***ny fandalinam-pinoana rehetra ataonay***

*hamohafoha* ***aminay*** *ny fahatsapana fa masina*

*ary tsy azo tohintohinina ny fianakaviana,*

*araka ny nandaharan'Andriamanitra azy.*

Hifampivavaka mandrakariva isika miaraka amin'i Masina Maria Renin'ny Pretra sy Md Jean Marie Vianney, Mpiaron'ny pretra rehetra. Mivavahà ho ahy.

Antsiranana Anio 08 Jiona 2020

Fankalazana an'i Md Jacques Beerthieu

+ P. Evêque RAMAROSON MARC BENJAMIN, cm